# Ny Famerenana amin'ny laoniny

## ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy





## Andriamanitra dia ilay Rainao be Fitiavana any an-danitra

Andriamanitra dia Rainao any an-danitra. Fantany manokana ianao ary tia anao mihoatra noho ny fahatakaranao Izy. Tiany ho sambatra ianao eto amin'ity fiainana ity ary mandrakizay.

Nanao drafitra izay antsoina hoe ny filazantsaran'i* Jesoa Kristy ny Ray any an-danitra mba hanatanterahana izany tanjona izany. Zanak'Andriamanitra i Jesoa Kristy. Ny fiainany sy ny fampianarany no torolalana mitondra fiadanana eo amin' ity fiainana ity ary fifaliana any amin'ny fiainana mandrakizay.

> *Naverin'Andriamanitra indray—naverina tamin'ny laoniny—ireo fahamarinana masina izay afaka halalininao sy iainanao. Nambara tamin'ireo mpaminany hatrany am-piandohana ireo fahamarinana ireo.*

## Mitahy ny Fianakaviana sy ny Olona tsirairay ny Filazantsara

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia mitahy ny olona rehetra izay manaiky sy miaina izany. Eo anivon'ny fianakaviana no toerana iray tsara indrindra ampianarana sy ampiharana ny filazantsara. Nanorina ny fianakaviana Andriamanitra mba hitondrana hasambarana ho an'ny zanany, sy mba hahafahantsika mianatra fitsipika marina ao amina toerana misy fitiavana, ary hanomanana antsika hiverina any Aminy aorian'ny fahafatesantsika. Na dia sarotra aza ny fifandraisan'ny fianakaviana indraindray, dia tahian'ny Ray any an-danitra isika rehefa miezaka ny hanaraka ny fampianaran'i Jesoa Kristy. Manampy antsika hanamafy orina ny fianakaviantsika ireo fampianarana ireo.

## Nanambara ny Filazantsarany ny Ray any an-danitra

Tao anatin'ny drafiny, dia nifidy mpaminany Andriamanitra, toa an'i Adama, Noa, Abrahama, ary i Mosesy. Ny mpaminany dia:

- Mampianatra momba an'Andriamanitra ary vavolombelona manokan'i Jesoa Kristy Zanany.
- Mandray fanambarana na torolalana avy amin'ny Tompo.
- Mampianatra ny filazantsara eo amin'izao tontolo izao ary manazava ny tenin'Andriamanitra.

*Voafaritra ao amin'ny pejy 18 sy 19 ireo teny miloko mena.

***Afaka manamafy orina ny fianakavianao ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.***

Ny mpaminany dia mandray ny fisoronana, na ny fahefana hiteny sy hiasa amin'ny anaran'Andriamanitra mba hitarihana ny zanany. Ny olona izay manaraka ny mpaminany dia mahazo ireo fitahiana izay nampanantenain'Andriamanitra. Ireo izay mandà ny filazantsara sy ny mpaminanin'Andriamanitra dia tsy mahazo ireo fitahiana ireo ary manalavitra ny tenany amin'Andriamanitra. Ireo izay mandà ny mpaminany ary mandao ny fanoloran-tenany hanaraka an'Andriamanitra dia ao anatin'ny toe-javatra antsoina hoe apôstazia.


*Very ireo fahamarinana nambara rehefa nandà ny mpaminany ny olona.*

Na dia niverimberina nandà Azy sy ny mpaminaniny aza ny maro tamin'ireo zanany dia mbola tia ny zanany ny Ray any an-danitra. Te-hanome antsika izay ilaintsika mba hahasambatra antsika amin'izao fotoana izao Izy sy mba hiverenantsika any Aminy aorian'ny fahafatesantsika. Ny soratra masina dia mampiseho ny fomba hanoloran'Andriamanitra foana ny tanany amin'ireo zanany, na dia tsy mihaino aza isika indraindray:

- Mifidy mpaminany Andriamanitra.
- Mampianatra ny filazantsara ny mpaminany ary mitarika ny olona.
- Mitahy ny olona Andriamanitra.
- Miha tsy miraharaha na tsy mankato ny fampianaran'ny mpaminany ny olona. Ny hiafarány dia mandà ny mpaminany sy ny fampianarany izy ireo ary lavo ao anatin'ny apôstazia.
- Noho ny apôstazia dia very ny fahalalan'ny olona momba ny filazantsara. Esorina eo amin'izy ireo ny fahefan'ny Fisoronana.
- Rehefa tonga ny fotoana mahamety azy ary vonona ny hanaraka Azy indray ny olona, dia mifidy mpaminany hafa indray Andriamanitra, sy mamerina amin'ny laoniny ny fisoronana sy ny Fiangonana, ary mandidy ny mpaminany hampianatra ny filazantsara.

*Voafaritra ao amin'ny pejy 18 sy 19 ireo teny miloko mena.

***Noraketin'ireo mpaminany tao amin'ny Testamenta Taloha ny tenin'Andriamanitra.***





## Nanorina ny Fiangonany i Jesoa Kristy

Nanomboka tany amin'ny Fahariana dia niandrandra ny fahatongavan'i Jesoa Kristy Mpamonjy ireo zanak'Andriamanitra. Nandefa ny Zanany, Jesoa Kristy, tetỳ an-tany, 2000 taona lasa izay, ny Ray any an-danitra araka ny nampanantenainy.

Niaina tao anatin'ny fiainana tonga lafatra sy tsy nisy fahotana i Jesoa Kristy. Nanorina ny Fiangonany Izy, sy nampianatra ny filazantsarany ary nanao fahagagana maro. Nifidy lehilahy roa ambin'ny folo Izy ho Apôstôliny, anisan'izany i Petera, Jakôba ary Jaona. Nampianariny izy ireo ary nomeny ny fahefan'ny fisoronana mba hampianatra amin'ny Anarany sy hanatanteraka ôrdônansy masina toy ny batisa.

Rehefa nanorina ny Fiangonany i Jesoa dia nahazo torolalana avy amin'ny Ray any an-danitra. Dia avy eo nampianatra ny mpianany Izy. Nampianatra ny mpanaradia Azy i Jesoa, fa ny fanambarana avy amin'Andriamanitra no vatolampy hanorenany ny Fiangonany.

Tany am-piafaran'ny fiainany dia nijaly sy maty noho ny fahotan'ny olona tsirairay izay efa niaina sy miaina ary mbola hiaina eto antany i Jesoa Kristy. Antsoina hoe Sorompanavotana izany sorona izany. Tamin'ny alalan'ny fijaliany, sy ny fahafatesany ary ny Fitsanganany tamin'ny maty, dia nataon'ny Mpamonjy izay ahafahantsika ho voavela heloka. Ireo izay mino Azy, sy mibebaka ary mitandrina ny didiny dia voavela heloka ary feno fiadanana sy fifaliana.

> *Nanorina ny Fiangonany i Jesoa Kristy:*
>
> - *Niantso sy nanendry Apôstôly Izy.*
> - *Nomeny ny fahefany izy ireo mba hampianarana sy hanaovana batisa. Antsoina hoe fisoronana io fahefana io.*
> - *Taorian'ny fahafatesany sy ny Fitsanganany tamin'ny maty dia nanohy nitantana ny Apôstôly Izy tamin'ny alalan'ny fanambarana.*

*Voafaritra ao amin'ny pejy 18 sy 19 ireo teny miloko mena.

***Nomen'i Jesoa ny fisoronana ny Apôstôliny.***

Taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty dia nitarika ny Apôstôliny tamin'ny alalan'ny fanambarana i Jesoa Kristy. Mirakitra ny fomba maro nanohizany nitantana ny Fiangonany ny Baiboly (jereo Asan'ny Apôstôly 10; Apôkalypsy 1:1). Noho izany dia notarihin'Andriamanitra ny Fiangonan'i Jesoa Kristy fa tsy notarihin'olombelona.

## Ny Apôstazia Lehibe

Taorian'ny nahafatesan'i Jesoa Kristy dia nenjehina sy novonoin'ireo olon-dratsy ny mpikamban'ny Fiangonana maro. Niha nihataka tamin'ireo fitsipika nampianarin'i Jesoa Kristy sy ny Apôstôliny ny mpikamban'ny Fiangonana sasany. Novonoina ireo Apôstôly, ary ny fahefan'ny fisoronana—izay ahitana ireo fanalahidy hitantanana sy handraisana fanambarana ho an'ny Fiangonana—dia nesorina teto an-tany. Satria tsy notarihin'ny fahefan'ny fisoronana intsony ny Fiangonana, dia nanomboka nisy fampianarana diso tao amin'ny Fiangonana. Mbola nisy ny olona tsara sy ny ankamaroan'ny fahamarinana, saingy very ilay filazantsara izay naorin'i Jesoa Kristy. Antsoina hoe Apôstazia Lehibe izany vanim-potoana izany.

*Noho ny fahafatesan'ireo Apôstôlin'i Jesoa Kristy dia very indray ny fahamarinana.*

Io apôstazia io dia nahatonga ny fitsanganan'ny fiangonana maro niaraka tamin'ny fampianarana mifanohitra. Lehilahy sy vehivavy maro no nitady ny fahamarinana tamin'izany fotoana izany, saingy tsy nahita izany. Maro ireo olona nino an'Andriamanitra sy Jesoa Kristy ary niezaka ny hahatakatra sy hampianatra ny fahamarinana saingy tsy nanana na ny filazantsara feno na ny fahefan'ny fisoronana izy ireo. Vokatr'izany, nandova ny apôstazia ny taranaka nifandimby satria voasarik'izay zavatra nafindran'ny taranaka teo aloha ny olona, ao anatin'izany ny fiovan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Nisy olona sasany notaomim-panahy, toa an'i Martin Luther sy John Calvin, izay nahita fa novaina na very ny fomba amam-panao sy ny fotopampianarana. Niezaka nitondra fanavaozana teo amin'ny fiangonana izay nisy azy izy ireo. Raha tsy misy anefa ny fahefan'ny fisoronana dia tsy afaka averina amin'ny endriny tena izy ny filazantsaran'i Kristy. Nilaina ny famerenana amin'ny laoniny.

*Voafaritra ao amin'ny pejy 18 sy 19 ireo teny miloko mena.

*Fantatr'Andriamanitra fa hisy ny apôstazia. Hoy Izy tamin'ny alalan'ny mpaminany iray ao amin'ny Testamenta Taloha:*

*"Indro ho avy ny andro . . .Izay hanaterako mosary amin'ny tany, tsy fanirian-kanina anefa, na hetahetan-drano, fa faniriana handre ny tenin'i Jehovah:*

*"Ary hivembena hatrany amin'ny ranomasina ka hatrany amin'ny ranomasina ny [olona],ary hatrany amin'ny avaratra ka hatrany amin'ny atsinanana, eny hivezivezy hitady ny tenin'i Jehovah izy, nefa tsy hahita."*

**Amosa 8:11–12**



## Ny Famerenana amin'ny laoniny ny Filazantsara

Toy ny nataony hatrizay teo amin'ny tantara, dia nifidy mpaminany indray ny Ray any an-danitra mba hamerenana amin'ny laoniny ny filazantsara sy ny fisoronana eto an-tany, tamin'ny taona 1820. Joseph Smith no anaran'ilay mpaminany. Fony Joseph mbola zatovolahy, dia nikorontan-tsaina izy noho ny fahasamihafana nisy teo anivon'ireo fiangonana maro tao amin'ny toerana nisy azy, ary te-hahafantatra izay fiangonana marina izy. Noho ny fahafantarany fa tsy ampy fahendrena izy dia nanaraka ny torohevitra hita ao amin'ny Baiboly izy, "Ary raha misy ianareo tsy ampy fahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany" (Jakoba 1:5).

Nanapa-kevitra ny hanontany an'Andriamanitra ny tokony hataony i Joseph Smith. Raha nivavaka mba hahafantatra ny fahamarinana i Joseph, dia niseho taminy ny Ray any an-danitra sy Jesoa Kristy. Notenen'i Jesoa i Joseph fa tsy misy amin' izy ireo izay tokony hilatsahany ho mpikambana, fa "diso avokoa izy ireo" ary " manatona Ahy amin' ny molony izy ireo nefa lavitra Ahy ny fony, mampianatra ny didin' olombelona ho fotopampianarana izy ireo sady manana ny fomban' ny toetra araka an' Andriamanitra nefa mandà ny heriny." (Joseph Smith—Tantara 1:19).

Toy ny nataon'Andriamanitra tamin'i Adama, Noa, Abrahama, sy Mosesy, ary ireo mpaminany hafa dia niantso an'i

*Nahita an'ny Ray any an-danitra sy Jesoa Kristy i Joseph Smith. Tamin'io zava-nitranga io dia hoy izy:*

*"Nahita andrim-pahazavana aho teo ambonin' ny lohako indrindra, nihoatra ny famirapiratan' ny masoandro, nidina tsikelikely teo amboniko…*

*Rehefa nijanona teo amboniko ilay hazavana, dia nahita Olona roa aho, izay mihoatra ny famaritana rehetra ny famirapiratany sy ny voninahiny, nijoro nitsingevaheva teo amboniko. Niteny tamiko ny anankiray Taminy, niantso ahy tamin' ny anarako sady nanondro ilay anankiray no nanao hoe*—Ity no Zanako Malalako. Henoy Izy!"

**Joseph Smith—Tantara 1:16–17**

***Niseho tamin'i Joseph Smith ny Ray any an-danitra sy Jesoa Kristy, araka ny naseho tao amin'ilay sarimihetsika hoe Ny Famerenana amin'ny Laoniny.***

Joseph Smith ho mpaminany Izy ary tamin'ny alalany no namerenana tamin'ny laoniny ny filazantsara.

**Ny Famerenana amin'ny laoniny ny Fisoronana**

Tamin'ny taona 1829, i Joseph Smith dia nandray ny fahefan'ny fisoronana nitovy tamin'ilay nomen'i Jesoa Kristy ny Apôstôliny. Niseho tamin'i Joseph Smith i Jaona mpanao batisa, ary nanome azy ny Fisoronana Aharôna, na ny fisoronana ambany. Niseho tamin'i Joseph Smith taty aoriana i Petera, Jakôba, ary Jaona (telo tamin'ireo Apôstôlin'i Jesoa Kristy voalohany indrindra) ary nanome azy ny Fisoronana Melkizedeka, na ny fisoronana avo kokoa.

Taorian'ny nahazoany ny fahefan'ny fisoronana, dia voatendry hanorina ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto an-tany indray i Joseph Smith. Niantso Apôstôly Roa ambin'ny folo indray i Jesoa Kristy tamin'ny alalany.

*Nandefa an'i Jaona Mpanao batisa ary avy eo telo tamin'ireo Apôstôliny i Jesoa Kristy mba hanome an'i Joseph Smith ny fahefan'ny fisoronana.*

Toy ny nitarihan'i Jesoa Kristy ny Apôstôliny tamin'ny alalan'ny fanambarana taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty dia manohy ny fitarihana ny Fiangonana amin'izao fotoana izao amin'ny alalan'ny mpaminany sy apôstôly velona Izy. Mpaminany voafidin'Andriamanitra amin'izao fotoana izao no Filohan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Mihazona ny fahefan'ny fisoronana izay nohazonin'ireo mpaminany sy apôstôly taloha izy sy ny mpanolotsainy ary ny Apôstôly Roa ambin'ny folo. Mpaminany, sy mpahita ary mpanambara ireo lehilahy ireo.

*Voafaritra ao amin'ny pejy 18 sy 19 ireo teny miloko mena.

***I Petera, Jakôba ary i Jaona—izay Apôstôlin'i Jesoa Kristy—dia nanolotra an'i Joseph Smith ny Fisoronana Melkizedeka.***





## NY BOKIN'I MÔRMÔNA

Tao anatin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny Filazantsara, dia nitondra ny Bokin'i Môrmôna Andriamanitra, izay: Testamenta Iray Hafa momba an'i Jesoa Kristy. Nandika io boky io avy tamin'ny rakitsoratra tranainy izay voasoratra teo amin'ny takela-bolamena i Joseph Smith tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra. Ny Bokin'i Môrmôna dia "rakitsoratry ny fifandraisan'Andriamanitra tamin'ny mponina fahiny tany Amerika ary toy ny Baiboly dia mitahiry ny fahafenoan'ny filazantsara maharitra mandrakizay" (teny fanoloran'ny Bokin'i Môrmôna).

Fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba an'i Jesoa Kristy ny Bokin'i Môrmôna. Manampy antsika hahatakatra ny fampianarany izany sy izay hita ao amin'ny Baiboly koa.

Ny Bokin'i Môrmôna dia porofo mandresy lahatra ny amin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara tamin'ny alalan'i Joseph Smith. Afaka mahafantatra manokana ianao fa marina ny Bokin'i Môrmôna. Mba hahazoana izany fahalalana izany dia tsy maintsy mamaky izany ianao, sy misaintsaina ny hafatra ao aminy ary maniry ny hahalala raha marina izany. Tsy maintsy manontany ny Ray any an-danitra ianao mba hanamafy fa teniny izany. Rehefa manao izany ianao dia hambarany aminao amin'ny alalan'ny Fanahy masina fa marina izany.

> *Afaka mahafantara ianao fa marina ny zavatra nampianarin'ny misiônera raha mamaky sy mivavaka momba ny Bokin'i Môrmôna:*
>
> *"Raha manontany amin-kitsimpo ianareo, omban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy, dia haneho ny fahamarinan'izany aminareo Izy amin'ny herin'ny Fanahy Masina.*
>
> *"Ary amin'ny herin'ny Fanahy masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan'ny zava-drehetra."*
>
> **Môrônia 10:4–5**

Rehefa fantarao fa marina ny Bokin'i Môrmôna, dia ho fantatrao koa amin'ny alalan'ny Fanahy Masina fa mpaminanin'Andriamanitra i Joseph Smith, ary naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalany ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, ary ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia tarihin'ny mpaminany iray sy ireo apôstôly amin'izao fotoana izao.

*Voafaritra ao amin'ny pejy 18 sy 19 ireo teny miloko mena.

***Voarakitra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny namangian'i Jesoa Kristy an'i Amerika.***

## Ahoana no Ahafantarako fa marina izany?

Afaka mahafantatra ianao fa marina ity hafatra ity. Raha manontany ny Ray any an-danitra amin'ny alalan'ny vavaka ianao, dia afaka hahazo valiny avy Aminy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Antsoina hoe Fanahin'Andriamanitra koa ny Fanahy Masina, ary anisan'ny anjara asany ny mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana.

*Ahoana no fomba fivavahana?*

- *Antsoy ny Rainao any an-danitra.*
- *Ambarao ireo zavatra tsapan'ny fonao (fankasitrahana, fanontaniana, fangatahana fanamafisana momba ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna sy ny zavatra nampianarin'ny misiônera).*
- *Farano amin'ny hoe ("Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena").*

Mety ho mahagaga sy mampiova fiainana io fahalalana io, saingy matetika izany dia miseho amin'ny alalan'ny fanamafisana tony, fa tsy ahitana fampisehoana ny herin'Andriamanitra amin'ny fomba mampitolagaga. Manamafy ny fahamarinana ny Fanahy masina amin'ny alalan'ny fahatsapana, sy ny eritreritra ary ny fihetseham-po. Araka ny nampianarina ao amin'ny Baiboly hoe, "Fa ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, finoana, fahalemem-panahy [ary] fahononam-po" (Galatiana 5:22–23). Ireo fahatsapana avy amin'ny Fanahy Masina ireo dia fanambarana manokana ho anao fa ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izay naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy dia marina. Noho izany dia mila misafidy ianao raha hiaina araka ny fahalalana izay azonao.

***Afaka mahafantatra ny fahamarinana ianao amin'ny alalan'ny vavaka atao amin-kitsimpo.***



## LISITR'IREO TENY MANAN-DANJA

**Fisoronana Aharôna** Fisoronana ambany. Io fisoronana io dia ahitana ny fahefana manao batisa ary mitondra ny anaran'i Aharôna izay ao amin'ny Testamenta Taloha ao amin'ny Baiboly.

**Apôstazia** Rehefa manary na mahafoy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny olona tsirairay, na ny Fiangonana, na ny firenena iray manontolo. Ny apôstazia dia vokatry ny fifandirana, fisafotofotoana ary ny fahaverezan'ny fahefan'ny fisoronana na ny zo hiasa amin'ny anaran'Andriamanitra.

**Apôstôly** Anarana nomen'i Jesoa Kristy ireo lehilahy roa ambin'ny folo izay nofidiany ho mpiara-miasa Aminy akaiky nandritra ny asa fanompoany teto an-tany, ary nomeny fahefana hiasa amin'ny anarany izy ireo. Mandritra ny vanim-potoana maoderina, dia mbola miantso lehilahy hafa i Jesoa Kristy hanompo toy ny Apôstôliny. Toy ny tamin'ny vanim-potoana fahiny, dia vavolombelona manokan'i Jesoa Kristy ny Apôstôly ary manana ny fahefana avy aminy.

**Sorompanavotana** Toe-javatra nitranga izay nahafahantsika nihavana tamin'Andriamanitra. Ny hoe manonitra dia miaritra famaizana noho ny fahotana natao, ka amin' izany no anesorana amin' ny mpanota mibebaka ny vokatry ny fahotana. Jesoa Kristy ihany no hany nahavita ny Sorompanavotana fanaperana ho an' ny olombelona rehetra. Ny Sorompanavotany dia nahitana ny fijaliany noho ny fahotantsika, sy ny fandatsahana ny rany ary ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin' ny maty. Noho ny Sorompanavotana, ny olona rehetra izay niaina dia hitsangana amin' ny maty. Ny Sorompanavotana koa dia manokatra ho antsika ny lalana ahazoana famelan-keloka sy hiainana mandrakizay miaraka amin' Andriamanitra.

**Batisa** Dingana tena ilaina hahazoana ny famelana ny fahotana. Lasa mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany isika amin'ny alalan'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana. Ny batisa dia asitrika, izany hoe aroboka vetivety ao anaty rano ilay olona atao batisa. Maneho ny faniriantsika hanaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy sy hanao fanekempihavanana amin'Andriamanitra ny batisa.

**Filazantsara** Drafitr'Andriamanitra hanampiana antsika hahazo fiadanana eo amin' ity fiainana ity ary fifaliana any amin'ny fiainana mandrakizay. Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no ivon'ny filazantsara ary

mitaky ny finoantsika Azy, ny fibebahana, ny fanaovana batisa sy ny fandraisana ny Fanahy Masina ary ny faharetana hatramin'ny farany koa ny filazantsara.

**Fanahy Masina** Antsoina koa hoe Fanahy, sy Fanahin'Andriamanitra ary Mpankahery. Mijoro ho vavolombelona momba ny Ray any an-danitra sy Jesoa Kristy Izy ary manambara sy mampianatra ny fahamarinana.

**Fisoronana Melkizedeka** Fisoronana avo na ambony kokoa. Mitondra ny anaran'i Melkizedeka ao amin'ny Testamenta Taloha ao amin'ny Baiboly, izay mpisorona avo sy mpanjaka marin-toetra.

**Ôrdônansy** Fanao sy fombafomba masina izay tanterahina amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana. Ohatra iray amin'izany ny batisa.

**Fisoronana** Fahefana sy herin'Andriamanitra. Omen'Andriamanitra ny lehilahy io hery io mba hiasana amin'ny anarany. Naverina indray tamin'i Joseph Smith tamin'ny alalan'i Jaona Mpanao batisa izay nanao batisa an'i Jesoa ny Fisoronana Aharôna. Naverina indray tamin'ny alalan'i Petera, Jakôba ary Jaona, izay telo tamin'ireo Apôstôly Roa ambin'ny folon'i Jesoa ny Fisoronana Melkizedeka.

**Famerenana amin'ny laoniny** Manao zavatra araka ny endriny teo aloha; manorina izany indray; mamerina izany indray. Taorian'ny naha very ny fahamarinana sy ny fahefana teto an-tany, dia naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'i Joseph Smith ny filazantsara. Samy hafa ny Famerenana amin'ny laoniny sy ny fanavaozana. Ny hoe *mitondra fanavaozana* dia manova ny fikambanana iray na ny fomba amam-panao efa nisy amin'ny alalan'ny fiezahana mba hamerina azy toy ilay tena izy tany am-piandohana, ary ny hoe *mamerina amin'ny laoniny* dia manorina indray na mamerina tanteraka ilay fikambanana na fomba amam-panao tena izy tany am-piandohana.

**Fitsanganana amin'ny maty** Ny fikambanan'ny fanahy amin'ny vatana nofo sy taolana izay tomombana, aorian'ny fahafatesan'ny vatana. I Jesoa Kristy no nitsangana tamin'ny maty voalohany.

**Fanambarana** Fifandraisana eo amin'Andriamanitra sy ireo zanany, izay matetika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Ny olona tsirairay dia afaka mahazo fanambarana mba hitarihana ny fiainan'izy ireo manokana, fa ny mpaminany voafidin'Andriamanitra ihany no mahazo fanambarana ho an'izao tontolo izao. Miseho amin'ny fomba maro ny fanambarana, fa mazana dia miseho amin'ny alalan'ny eritreritra, sy fahatsapana ary fihetseham-po izany.

# Fandalinana Fanampiny

Ireto fanontaniana sy soratra masina manaraka ireto dia hanampy anao hahalala bebe kokoa ireo fitsipika ao anatin'ity boky kely ity ary hisaintsaina ny momba azy ireo. Tsy lisitra feno ity, saingy ny fanamarihana hanovozankevitra sy ny fampizahana soratra masina hafa, ao amin'ny soratra masina dia hitondra anao any amina andinin-tsoratra masina sy loharano hafa .

**Midika inona aminao ny hoe Rainao any an-danitra Andriamanitra?**

Malakia 2:10 (Baiboly, Testamenta Taloha)

Hebreo 12:9–10 (Baiboly, Testamenta Vaovao)

**Inona no anjara asan'ny mpaminany? Nahoana no zava-dehibe ny mahalala fa miresaka amin'ny mpaminany Andriamanitra?**

Amosa 3:7 (Baiboly, Testamenta Taloha)

Jakôba 4:4–6 (Bokin'i Môrmôna, pejy 140-141)

**Inona no dikan'ny hoe manana ny fahefan'ny fisoronana? Ahoana no ahazoan'ny olona iray io fahefana io?**

Matio 10:1 (Baiboly, Testamenta Vaovao)

Jaona 15:16 (Baiboly, Testamenta Vaovao)

**Inona no mitranga raha very izany fahefana izany?**

Amôsa 8:11–12 (Baiboly, Testamenta Taloha)

1 Nefia 13:24–29 (Bokin'i Môrmôna, pejy 29)

**Fantatr'ireo Apôstôlin'i Jesoa ve fa hitranga ny apôstazia?**

Asan'ny Apôstôly 20:28–31 (Baiboly, Testamenta Vaovao)
2 Tesalôniana 2:2–3 (Baiboly, Testamenta Vaovao)
2 Timoty 4:3–4 (Baiboly, Testamenta Vaovao)

**Midika inona aminao ny hoe naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'i Joseph Smith ny filazantsaran'i Jesoa Kristy?**

*Ny Fijoroan'ny Mpaminany Joseph Smith ho vavolombelona* (boky kely)

**Inona ny Bokin'i Môrmôna? Ahoana no maha-vavolombelona azy io momba ny antson'i Joseph Smith ho mpaminany?**

Pejy misy ny lohatenin'ny Bokin'i Môrmôna
Teny Fanoloran'ny Bokin'i Môrmôna

**Inona no anjara asan'ny Fanahy Masina?**

Alma 5:45–47 (Bokin'i Môrmôna, pejy 260)
Môrônia 10:3–5 (Bokin'i Môrmôna, pejy 655)

## Andao hiara-hivavaka aminay

### Andao ary Jereo ny Fomba ahafahan'ny Filazantsara Naverina amin'ny Laoniny Mitahy ny Fiainanao



Ny Fivoriana Fanasan'ny Tompo no fotoam-pivavahana lehibe indrindra. Matetika dia maharitra adin'ny iray mahery kely izany ary araka ny mahazatra dia ahitana ireto manaraka ireto:

*Hira:* Hirain'ny mpiangona. ( Misy Fihirana.)

*Vavaka:* Ataon'ny mpikambana eo an-toerana.

*Ny Fanasan'ny Tompo:* Hamasinina ny mofo sy ny rano ary zaraina amin'ny mpiangona ho fahatsiarovana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

*Mpandahateny:* Matetika dia tendrena mialoha ny olona iray na roa amin'ireo mpiangona mba hiresaka momba ireo lohahevitra ao amin'ny filazantsara.

*Fitafiana:* Amin'ny ankapobeny ny lehilahy sy ny zatovolahy dia manao palitao sy pataloha na pataloha tsara miaraka amin'ny lobaka sy karavaty. Ny vehivavy sy ny zatovovavy dia manao akanjo lava na zipo.

Tsy misy rakitra atao mandritra ny fotoam-pivavahana.

Manasa anao koa izahay hanatrika ny fivoriana hafa, izay mifanaraka amin'ny zavatra mahaliana anao sy ny sokajin-taona misy anao. Ny filaharana sy ny fisian'ireo fivoriana ireo dia mety miovaova.

*Sekoly Alahady:* Kilasy izay handalinana ny soratra masina sy ny fotopampianaran'ny filazantsara.

*Fivorian'ny Fisoronana:* Kilasy ho an'ny lehilahy sy ny zatovolahy 12 taona no ho miakatra.

*Fikambanana Ifanampiana:* Kilasy ho an'ny vehivavy 18 taona no ho miakatra.

*Zatovovavy:* Kilasy ho an'ny zatovovavy 12 taona ka hatramin'ny 18 taona.


*Kilonga:* Vondrona fanompoana sy kilasy ho an'ny ankizy 3 taona ka hatramin'ny 11 taona. Matetika dia misy garderie ho an'ny zazakely 18 volana ka hatramin'ny 3 taona.



Oran'ny Fivoriana Fanasan'ny Tompo: ______________________________

Adiresin'ny Fiangonana: ______________________________

______________________________




## *Inona no tokony ataoko?*

- *Vakio ny Bokin'i Môrmôna. Vakiteny atolotra:* ______________________

______________________

______________________

______________________

- *Mivavaha mba hahafantarana fa mpaminany i Joseph Smith ary tenin'Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna.*
- *Miangòna.*
- *Manapaha hevitra raha hanaraka ny Mpamonjy ianao amin'ny alalan'ny fanaovana batisa. Datin'ny batisa:*

______________________

- *Jereo ny www.mormon.org mba hahalalanao bebe kokoa momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.*
- *Tohizo ny fihaonana amin'ny misiônera mba hahalalana bebe kokoa momba ny fahamarinana izay naverin'Andriamanitra tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny mpaminany amin'izao vanim-potoana izao.*

*Fihaonana manaraka:* ______________________

*Anaran'ny misiônera sy ny nomeraon'ny telefaonina:*

______________________

______________________

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

**www.mormon.org**

**Sary Nampiasaina**
Eo amin'ny Fonony: *Ilay ondry Very,* nataon'i Del Parson. © Del Parson. Tsy azo adika
Page 5: Sombiny avy amin'ny M*paminany Isaia izay naminany ny Fahaterahan'i Kristy,* nataon'i Harry Anderson
Page 6: Sombiny avy amin'i *Kristy manendry ny Apôstôliny Roa ambin'ny folo,* nataon'i Harry Anderson
Page 13: Sombiny avy amin'ny *Famerenana indray ny Fisoronana Melkizedeka,* nataon'i Kenneth Riley
Page 14: Sombiny avy amin'ny *Namangian' i Jesoa Kristy an'i Amerika,* nataon'i John Scott

© 2006 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia. Fankatoavana ny teny Anglisy: 1/06.
Fankatoavana ny fandikana: 01/06. Fandikana ny *The Restoration of the Gospel of Jesus Christ*. Malagasy.

MALAGASY
4 02011 96654 0
01196 654